# TATITRA DINGANA FAHA 4
# FAMETRAHANA NY MIRALENTA
# ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

**Firenena: Madagasikara**

**Koaminina: MORAMANGA**

**Daty: 08-09-10 Oktobra 2012**

**Toerana: Mont Carmel**

**Formatrices Moramanga : Colette et Yolande sary : Sergio**

## FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA ..... 2
FANOLORANA ..... 3
TANTARA ..... 4
FIZOTRY NY ATRIKASA ..... 5
FAHATRARANA NY TANJONA ..... 8
IREO FANAMBY ..... 8

## TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA ..... 8
TOVANA B: LISITRY NY MPANDRAY ANJARA ..... 11
TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA ..... 13

**FANOLORANA**

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Moramanga, ny 08, 09 octobre 2012, tao amin'ny trano fivoriana tao Mont Carmel. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina : mpandraharaha sy ny mpanolon-tsaina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny C.E.C.J, ny polisy, ny sefo fokotany. ary ireo avy amin'ny fikambanana miaro ny miralenta sy miady amin'ny herisetra eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra maromaro no nodinihana nandritra ny roa andro, rehefa avy namantatra ny lalàna rehetra mifehy ny miralenta, na amin'ny sehatra iraisam-pirenena, faritra Afrika ary ny lalàna malagasy;

- *Lohahevitra voalohany*: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.
- *Lohahevitra faharoa*: Miralenta sy fitondram-panjakana, izaynampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.
- *Lohahevitra fahatelo*: ny fandravonana ady sy ny disadisa
- *Lohahevitra fahahefatra* : filana fototra sy filana maharitra mila paikady
- *Lohahevitre fahadimy*: ny miralenta sy ny fiharian-karena
- *Lohahevitra fahaenina* : ny tetibola hirosoana amin'ny miralenta
- *Lohahevitra fahafito* : ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra
- *Lohahevitra fahavalo* : ny miralenta sy ny fikorontanan'ny toetr'andro

Dimy amby roapolo ny isan'olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa misahana andraikitra samihafa ary mifameno ireo solon-tena ireo

(Jereo Tovana : Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao.

**TANTARA**

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

**FIZOTRY NY ATRIKASA**
**Fanokafana amin'ny fomba ofisialy**

Kabary chef District Adjoint sary Yolande

Nanolotra ny fandaharana i Yolande VIA, mpampiofana : niarahaba sy nisaotra ireo nasaina, nampahafantatra ny mpampiofana sy ny lohahevitra itondrana ny tetikasa ary nanambara ireo lalàna mahakasika ny miralenta na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, na eo amin'ny faritra Afrika, na amin'ny lalàna malagasy.

- ✓ Nandray fitenenanana ny mpampiofana Mme VAOHITA Colette, nanome fanazavana mikasika ny Gender Links
- ✓ Ny ben'ny tanàna lefitra, nisaotra nohon'ny nisafidinana ny Kaominina Moramanga, ary naneho ny fahavononany ho kaominina "centre d'excellence"
- ✓ Nandray fitenenana manaraka Mr "le délégué de la population et des affaires sosiales », nanamarika ny andraikitry ministerany amin'ny fametrahana ny miralenta sy manamafy ny fiaraha-miasa amin'ny Gender Links.
- ✓ Namarana ny kabary ary nanokatra ny fiofanana amin'ny fomba ofisialy ny Sefo District lefitra.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritry ny roa andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

**Fampiasana sy fampiharana**

- Alohan'ny nirosoana tamin'ny lohahevitra voalohany, naverin' Mpampiofana **Rtoa Yolande** nodinihina ireo lalàna mifehy ny miralenta ary nohalalinina bebe kokoa ny fifanarahan'ny FAA.

Notohizany tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy.

Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny miralenta dia nojerena akaiky tanaty asa isan-tarika ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin'ny fiaraha-monina.

Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny **asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.**

- **Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra**

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

- **Momba ny fiheverana raiki-tampisaka**

Fanavahana ny mahalahy sy ny mahavavy sary : Colette

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny asa isan-tarika, ka namoahana ireo

tonon-kira, fomba fitenenanana na ohabolana, ny fivavahana na ny Baiboly ay ny fomba amam-panao na kolon-tsaina, izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka.

Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka sns, fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano.

- lohahevitra faharoa zay notaritin'ni **Rtoa Colette**, dia novakina FAA (art 12-13 FAA), dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitantanana.
    - **Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy:**

Maro ihany ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Notsinganina tamin'izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian'ny fotoana
    - **Vaha-olana natolotra**
- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.

- Marihina fa mavitrika be ny mpandray anjara tao amin'ny fiofanana ka azo naroso io andro io ihany ny lohahevitra fahatelo, zay navain'i Rtoa Yolande, ary nofaranana tamin'ny Jeux de rôles mahakasika olana 3 ara-piaraha-monina

Ny andro faharoa, dia natomboka tamin'ny famintinana ny andro voalohany nataon'i Rtoa Juliette, anisan'ny mpandray anjara.
Naroso ny lohahevitra fahafito zay novelabelarin'i Rtoa Yolande.

Ireo lohahevitra fahefatra, fahadimy, fahenina ary fahavalo dia notaritin'i Rtoa Colette, natombo amin'ny andininy mifanaraka amin'ilay lohahevitra ao amin'ny F.A.A.

Niainana ireo lohahevitra ireo, nampiasaina ny boky torolàlana fampiofanana p 84 à p. 104 ka natao tantara an-tsehatra, asa isan-tarika sy fijerena sary.

(jerena ny "flip shart")

**FAHATRARANA NY TANJONA**

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray anjara.

**IREO FANAMBY**

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

**Kabary famaranana sary : Sergio**

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

**ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
**Firenena: Madagasikara**
**Kaominina: CU MORAMANGA**
**Toerana: Mont CARMEL**
**Daty: 08-09-10 Octobre2012**

| Ora | Fandaharana | Iza? |
|---|---|---|
| | **Andro voalohany** | |
| 08:30-09:00 | Fandraisana ireo mpijaika | |
| 09:00-09:45 | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy :<br>• Fanazavana ny tetik'asa « Ivotoerana mendrika. » sy fanazafana ny fiaraha-miasan'ny GL, FNUAP, PNUD<br>• Lahateny<br>• Fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasan'ny GL sy kaominina<br>• Fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny atrik'asa | |
| **Pause café** | | |
| 10:00-10:30 | Famenoana ireo fanontanina :<br>- GMDC Etudes des attitudes<br>- Quiz | GL |
| 10:30-12:30 | Fanolorana :<br>- Fanazavana sy filazana ireo fifanekena vita sonia iraisam-pirenena, anivon'ny ranomasim-be indianina, teto amin'ny firenena momba ny miralenta sy ny aty amin'ny herisetra Fanontanina /valiny | GL |
| **Sakafo** | | |
| 14:00-14:30 | Fanolorana :<br>Hevitra fototra ihompanan'ny miralenta:<br>- Genre et sexe | Tous |
| 15:15-16:30 | Asa isam-baomiera momba ny fiheverana raikin-tapisaka | |
| **Pause café** | | |
| 16h 45 – 17 h | Fanintinana ataon'ny mpampiofana | |
| **Andro faha 2** | | |
| 08:30-08:45 | Famintinana andro 1 | |
| 08:45-09:15 | Miralenta sy ny fitondram-panjakana Mamelabelarana : paik'ady (Miditra – Mandray anjara – Fanovana ) | GL |
| 09:15-10:00 | Atrik'asa isam-baomiera ( telo) | |
| **Pause-café** | | |
| 10:15-11:00 | Famintinana ny atrik'asa isambaomiera telo | Tous |
| 11:00-11:30 | Fintina | Tous |
| 11:30-12:30 | Miralenta sy ny fandravonana disadisa Famintinana ataon'ny mpampiofana | Tous |

| Ora | Fandaharana | Iza? |
|---|---|---|
| **Sakafo** | | |
| 14:00-14 :30 | Filana fototra sy filana maharitra mila paik'ady | Tous |
| 14:30-15:30 | Fiaraihana ara-toe-karena :<br>- Miralenta sy ny toe-karena<br>- Teti-bola | Tous |
| 15:30-16:30 | Herisentra (VBG) | |
| **Pause café** | | |
| 16h 45 – 17h | Famintinana ataon'ny mpampiofana | |
| **Andro faha telo** | | |
| 08:30-10h | Herisenta (VBG) | |
| 08:45-10:00 | Herisenta (VBG) | Tous |
| | **Pause-café** | |
| 10h 15- 12h 15 | Fiovaovan'ny toe-trandro<br>Fanazavana ny dingana manaraka | |
| 12h 15 – 12h 30 | Tombana | |
| | **Sakafo** | |
| 14h – 16h 30 | Fidinana eny ifotony ho fahampahafantarana ny finanarahan'ny FAA | |
| 16h 30- 17 h | **Fanalana hetaheta** | |

Tovana B: Lisitry ny mpandray anjara

**Stage 4**
**Country: MADAGASCAR**
**Kaominina : CU MORAMANGA**
**Toerana: Mont CARMEL**
**Date: 08, 09 Octobre 2012**
**FICHE DE PRESENCE**

| N° | ANARANA SY FANAMPINY | SEXE | Kaominina | ANDRAIKITRA | TEL | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 01 | RAZAFIMALALAHARIHETSY Rigobertine | F | Moramanga | Croix rouge | 032 51 794 38 | |
| 02 | RAHARINIRIANA Bakoniaina | F | Moramanga | Croix rouge | 033 09 471 70 | |
| 03 | RAVELOARISOA Jeanine | F | Moramanga | Vehivavin'ny 8 marsa | 034 16 505 92 | |
| 04 | RAKOTOARISOA Simonia Hariliva | F | Moramanga | FIAMA | 034 61 101 81 | |
| 05 | RASOLONANDRASANA Emélie | F | Moramanga | Responsable SRA/CISCO | 034 16 682 02 | |
| 06 | RAHANTARIVONY Juliette | F | Moramanga | VMLF | O32 78 547 64 | |
| 07 | RASOARIVOARILALA Yvonne | F | Moramanga | F.A.F.E.D. | 034 19 429 68 | |
| 08 | RAHARISOA Marie Louise | F | Moramanga | C.E.C.J. | 034 06 375 59 | |
| 09 | RAVELOARISOA Jeanne | F | Moramanga | F.A.F.E.D | 033 18 157 68 | |
| 10 | LALAO Solotiana Joelline Florence | F | Moramanga | Adjointe fkt Ambarilava | 034 18 640 72 | |
| 11 | RANDREBAHARISOA | M | Moramanga | Chef fkt Tsarafasina | 034 64 308 27 | |
| 12 | RAKOTONIRINA Amédé | M | Moramanga | Chef fkt Tanambao | 033 20 891 80 | |
| 13 | RAJAONARISOA | M | Moramanga | Chef fkt Ambohimadera | 032 41 724 58 | |
| 14 | BETSAHA Rémi | M | Moramanga | Chef fkt Antanamandroso | 034 18 381 59 | |
| 15 | RAKOTOARISON Gilbert | M | Moramanga | Chef fkt Tsarahonenana | 034 19 129 29 | |
| 16 | RABARIJAONA Hari-Zo | F | Moramanga | Secrétaire de direction CU | 034 96 589 22 | |
| 17 | IAPY François | M | Moramanga | Conseiller municipal | 032 02 508 35 | |
| 18 | RALISON Jean Emile | M | Moramanga | Conseiller municipal | 034 84 252 99 | |
| 19 | RAZAFINDRAZAY Berthe | F | Moramanga | F.P.F.E. | 032 45 524 29 | |

| N° | ANARANA SY FANAMPINY | SEXE | Kaominina | ANDRAIKITRA | TEL | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 20 | RAKOTONANAHARY Jn de Dieu Rosier | M | Moramanga | Conseiller municipal | 033 12 889 24 | |
| 21 | RAVAHINIMBOLA Y. Rachel | F | Moramanga | Association 8 mars | 033 11 413 21 | |
| 22 | RAVELOARISOA Aurélie Eléonore | F | Moramanga | VMLF | 034 16 385 17 | |
| 23 | RASOAZAMPARANY Joséphine Clarisse | F | Moramanga | Journaliste | 032 50 507 04 | |
| 24 | RATERAZOELSON A. Romule | M | Moramanga | Journaliste RDB | 032 41 184 03 | |
| 25 | RAKOTONDRAVONY Angelina | F | Moramanga | Inspecteur de Police | 020 56 820 06 | |

**Tahan'isa lahy sy vavy:**

| | | |
|---|---|---|
| **VAVY** | 16 | 64% |
| **LAHY** | 09 | 36% |
| **TOTALINY** | **25** | **100 %** |

TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Firenena** | MADAGASIKARA | | | | | |
| **Sexe** | Male 8 Female 16 | | | | | |
| **Faritra** | ALAOTRA MANGORO | | | | | |
| **Kaominina** | MORAMANGA | | | | | |
| **Taona** | 12 - 17 ☐ | 18 -30☐ 1 | 31- 40 1 | 41 – 50 9 | 51 – 60 4 | 60 + 9 |
| **Fianarana** | Ambaratonga voalohany 2 | Ambaratonga faharoa 15 | Oniversite 6 | Fanofanana ara-kasa 1 | Fampianaran a olon-dehibe | |

| | **Naoty /10** |
|---|---|
| **1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny** | **8,3** |
| **2. Ny votoatin'ny fandaharana** | **8,1** |
| **3. Tahirin-kevitra nampiasaina** | **8,2** |
| **4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana** | **8 ,4** |
| **5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)** | **8,5** |
| **6. Vokatra azo** | **8,4** |
| **7. Fanajana ny fandaharam-potoana** | **7,9** |
| **8. Fahalalana azon'ny mpiofana** | **8,1** |
| **9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana** | **8,9** |
| **10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)** | **8,5** |

**FANAMARIHANA**

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

- Izy rehetra
- Ny miralenta
- Ny fiovan'ny toetrandro
- Ny raiki-tapisa
- Ny fandravonanan ny disadisa
- Ny fanazavana ny SADC

**2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?**

Tsy misy

**3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?**

Atomboko eo amin'ny tokanatrano
Hanentana sy hampahafantatra ny mpiara-monina momba ny miralenta

- Ny fifaneraserana amin'ny mpiara-belona ary ny fanentanana azy ireo.
- Fampahafantarana ny olona ny fiofanana azo, ampiharina amin'ny fiainana andavanandro. --Manao tatitra any amin'ny vondron'olona.
- Azo ampiharina tsara amin'ny asa fanaoko isan'andro.
- Ampiharina eo amin'ny sehatry ny asa sy tokantrano ary fiaraha-monina
- Tena sarotra fa hiezaka aho

- Hanentana ireo olona manodidina misy ahy manomboka izao, hampahafantatra azy ireo ny miralenta.

**Fanamarihana hafa?**

- Tokony ampahafantarana ny besinimaro ny miralenta
- Tsy ampy ny fotoana anaovana fiofanana.
- Tokony hatao manerana ny nosy ny fampahafantarana ny miralenta
- Tokony ho fantatra dieny izao ny fotoana hanaovana fiofanana.
- Tsara raha ampiofanina toy izao ny mpampianatra.
- Mbola tena sarotra ny hialana vetivety amin'ny raiki-tampisaka
- Mbola maro ny tsy resy lahatra amin'ny miralenta
- Tokony efa ela no nanaovana ity fampiofanana ity